# Ilay Voa Tsara Nafafy 21 Jona 2018

**21** **Alakamisy**
jona

**Sitrak'Andriamanitra, Izay nanokana ahy hatrany an-kibon'ineny, ny niantso ahy tamin'ny fahasoavany, ny nampiseho ny Zanany tato anatiko, mba hitoriako Azy any amin'ny jentilisa.** Galatiana 1. 15, 16

**Miantso ny olona tsirairay Andriamanitra**

Tamin'ny nanoratra izany teny izany ny apostoly Paoly dia mety nanontany tena hoe : Nahoana moa Andriamanitra no niantso ahy ? Ahoana no nahatonga izany ? Io eo aoriana io avy hatrany ny valiny : „tamin'ny fahasoavany". Ny dikan'izany dia hoe : Andriamanitra, manome ho ahy zavatra tsy mendrika ahy ! Tsy noho ny fahalalana be ananan'i Paoly no niantsoana azy, na noho ny toerana avo ara-pivavahana nisy azy, na noho ny hafanam-pony be. Tsia, nantsoina i Paoly noho ny fahasoavan'Andriamanitra. Talohan'izany izy dia fahavalon'ny kristiana, fahavalon'i Jesosy ; nefa nantsoin'Andriamanitra izy mba hanambara an'i Jesosy any amin'ny firenena rehetra.

Rehefa niafina i Adama sy Eva taorianan'ny tsy nankatoavany, dia tonga tao amin'ny saha Andriamanitra, niantso hoe : „Aiza moa ianao ?" (Genesisy 3. 9). Mahafantatra ny zavatra rehetra Andriamanitra, tsy nila nitady an'i Adama sy Eva tsy akory. Fantany tsara ny toerana niafenan'izy ireo. Kanefa dia niantso azy ireo Izy, satria te hanasoa azy. Tiany izy ireo hahatsapa ny vokatry ny nataony, ary tiany mba ho afaka hidera Azy avy eo, tian'Andriamanitra hidera Azy Izay nikarakara azy ireo, na dia nanota aza izy ireo. Ny fahasoavan'Andriamanitra no nitady ireo izay niafina.

Toy izany koa ankehitriny. Noho ny fahasoavana no niantsoana antsika rehetra. „Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana ; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra" (Efesiana 2. 8). Ny tanjon'Andriamanitra, rehefa mitaona ny olona rehetra amin'ny alalan'ny Filazantsara, dia ny handraisan'izy ireo an'i Jesosy ho Ilay hany Mpamonjy.

Ny Tompo dia miantso antsika tsirairay amin'ny anarantsika avy. Raha mbola tsy namaly ianao mandraka androany, dia ataovy tsy misy hataka andro izany. Ho avy ny andro, hitsahatra ny fahasoavana ; ka ny fitsarana no handimby azy. Izao ankehitriny izao no tokony hamaly.